A.E.C

LOHATENY

FANABEAZANA HO OLOM-PIRENENA VANONA SY ADY AMIN'NY HERISETRA

ANARAN'ILAY MPANOLOTRA

RAMANANTENASOA HELENA

CATEGORIE: ALLIANCE

INSTITUTION: ALLIANCE

FIHAONAM-BE NASIONALY FAHAROA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FENITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA

DATY

HOTEL COLBERT ANTANANARIVO

ILAY TETIKASA

- Tantarao fohifohy ny mombamomba ilay tetikasa nataonao. Inona ny maha-zava-dehibe izany tetikasa izany?

- **Nizara roa lehibe ny Tetikasa :**

  Ny voalohany dia fampiofanana ireo vondron'ny tanora na fikambanana ho tonga Mpanentana

  ara-panabeazana ny olom-pirenena sy Mpanentana amin'ny ady amin'ny herisetra.
- **Ny faharoa** dia fanentanana sy fampahafantarana ny mponina eny anivon'ny Fokontany ny momba ny zon'olombelona sy ny fanabeazana ny olom-pirenena ary ny ady amin'ny herisetra.
- Ny maha zava-dehibe izany tetikasa izany dia ny fahafantaran'ny olona tsirairay ireo zony ka

  izany fananana zo izany dia mitaky fandraisana andraikitra. Ary ny fifehezana izany atao hoe

  fanabeazana ho olom-pirenena vanona izany dia mitarika ho amin'ny famerenana ny soa

  toavina Malagasy : fiaraha-monina hanjakan'ny fifanajana, fifankatiavana , fandraisana adidy

  sy andraikitra.

Sary, taratasy fanamarinana sns.

Tantarao fohifohy ny antony nahatonga anao hanatanteraka io tetikasa io?

Valiny

Eo amin’ny maha mpiasan’ny Ministeran’ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy ahy, ary isan’ny mpampiofana sy mpanentana ao, dia olona tia miserasera amin’olona sy tia mitondra anjara biriky amin’ny asa fampandrosoana. Ka ny fahatsapako fa tato anatin’ny folo taona izay dia miha mikorosifahana hatrany ny fahaiza-miainan’ny olona tsirairay na eo anivon’ny tokantrano izany , indrindra indrindra eo anivon’ny fiaraha-monina: eo ny tsy fahalalampomba, ny tsy fifanajana. Very ilay soatoavina Malagasy: ”Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana”.

- Miha mahazo vahana ihany koa ny tsy fandriampahalemana,ny fanaovana herisetra , indrindra indrindra fa ny herisetra mianjady amin’ny vehivavy sy ny tovovavy toy ny fanolanana, ny fanodikodinana ireo zaza tsy ampy taona, ny fandaozana ny vady aman-janaka sns. Manoloana izany rehetra izany dia isan’ny mpikambana mpanorina ny Fikambana A.E.C (Association pour l’Education des Citoyens) tamin’ny 3 desambra 2004 ny tenako , ary Filoha Lefitra ankehitriny, sady mpikambana ihany koa ao amin’ny Collectif des Associations des Femmes de Fianarantsoa (CAFF) pour les Droits Humains et de la lutte contre la violence.

Fahitana ireo vahoaka madinika tsy mahalala ireo zony

Raha mihoatra amin’ireo tanjona 28 ao amin’ny Fenitry ny SADC, inona amin’ireo tanjona ireo no noezahana notratrarina?

TANJONA	ASA NATAO
Amin’ny maha Fikambanana manao ny asa fanabeazana ny olom-pirenena azy , dia ny tanjona faha 4 – 8 “ Droits Constitutionnels, Maritaux et accès à la Justice”	Fampiofanana sy fampahafantarana ny Fikambanana sy ny mponina eny anivon’ny Fokontany ireo karazana lalàna mifehy an’I Madagasikara indrindra fa ny momba ny lalàm-panorena sy ireo fifanarahana iraisam-pirenena toy ny FIFEV, Declaration Universelle pour les Droits Humains izay no soniavin’ ireo Mpitondra nifandimby ka tokony ho tanterahina
Tanjona faha 20-25: Violence sexiste	Fampahafantarana ny mponina eny anivon’ny Fokontany ireo karazana herisetra sy ny fanoroana ireo olona amin’izay tokony hataony raha sanatria ka niharan’ny herisetra indrindra eo amin’ny ara-nofo.
tanjona faha 28 “Edification de la Paix et Règlements de conflits “	Fampiofanana sy fampahafantarana ireo Zo sy ny Miralenta eo amin’ny sehatr’asa sy ny fandraisana andraikitra indrindra fa ny vehivavy.

Iza ny olona nokendrena hahazo tombontsoa avy amin’ilay tetikasa?

- Ireo nokendrena hahazo tombontsoa
- Ireo Fikambanana,Vondrona tanora, mponina eny anivon’ny Fokontany
- Firy ny vehivavy/ firy ny lehilahy
- Inona no nahatonga anao hiara-hiasa amin’izy ireo?
- Noho izy ireo mitovy tanjona amin’ny AEC sy mitovy fomba fijery dia ny fampivoarana sy fampiroboroboana ny Zon’Olombelona ary ny ady amin’ny herisetra

Fanentanana natao teny anivon’ny Fokontany

Fanentanana ny tanora taizan’ny Centre DON CALABRIA

TANJONA

1 / Tanjona ankapobeny

- · Fampiroboroboana ny fanabeazana ny olom-pirenena ;
- · Fampiroboroboana sy fampahafantarana ary fanapariahana ireo fifanarahana isankarazany momba ny Zon'olombelona
- · Fandraisan'anjara amin'ny fampihenenana/fanafoanana ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ny tovovavy

2 / Tanjona manokana:

- - Fampiofanana ireo vondron'ny tanora sy ireo Fikambanana momba ny : Zon'olombelona, ny Fianakaviana , ny Vehivavy, ny ankizy;
- Ny herisetra
- Fanabeazana ny olom-pirenena : ny lalàm-panorenana sy ny fifidianana, ny fahaizamiaina.
- Fanentanana sy fampahafantarana ny mponina eny anivon'ny Fokontany momba ny · Zon'olombelona; ny Fianakaviana , ny Vehivavy, ny ankizy;
- Ady amin'ny harisetra;
- Fanabeazana ny olom-pirenena.
- - Fampihaonana ireo vondron'ny tanora samy hafa amin'ny alalan'ny fitsangatsanganana.
- - Fandefasana horonan-tsary arahina adihevitra.

Naharitra hafiriana izany tetikasa izany ary inona avy ny dingana narahina hanatanterahana izany?

- Vao niforona ny Fikambanana A.E.C (03 desambra 2004) dia ny fampiofanana ireo Mpikambana 10 tao aloha no nimasoany ;
- Ny octobre 2005 ka hatramin'ny taona 2009 dia nanao fandaharana momba ny fanabeazana ny olom-pirenena tao amin'ny radio iray teto an-toerana no natao.
- Ny taona 2010 ka hatramin'izao dia niroso tamin'ny fanentanana mivantana teo anivon'ny Fokontany sy fampiofanana ireo karazana Fikambanana
- ·Nanomboka ny taona 2012, nifanerasera tamin'ireo vondron'ny tanora ka nanome fiofanana azy ireo: Vondron'ny tanora " Club Jeunes pour la Paix"; " MAJ "(JeunesFISA); Jeunes Croix Rouge Malagasy.

Inona avy ny fitaovana nampiasaina nentina nanatanterahana ny asa?

- Ohatra

- Teo amin'ny fampiofanana : boky enti-manofana, ny Drafitrasa
- Teo amin'ny Fanentanana: dépliants, horonan-tsara, afisy. Tsara ho marihina fa ny A.E.C dia miara-miasa amin'ny sampan-draharaha rehetra sy ONG na Fikambanana hafa: Foibem-Paritra miadidy ny Mponina Matsiatra Ambony ; ny PMPM,Inspection de Travail, FISA, CAFF, REV, ny Club des jeunes pour la Paix ka arakarakin'ny Lohahevim-panentanana no ampiasana ireo dépliants na afisy avy amin'izy ireo.

-Afisy avy amin'ny Foibem-Paritra miadidy ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy-Matsiatra Ambony

Depliants avy amin'ny PMPM Ambatolahikosoa Fianarantsoa

Afisy avy amin'ny REV (Réseau pour l'Eradication de violence) eto Fianarantsoa

Inona avy ny vokatra azo?

- Manomeza ohatra azo tsapain-tanana.

- Ny fahatongavan’ireo tanora maro rehefa misy ny fanentanana atao.
- Ny fanasana ataon’ireo Sefom-pokontany mba ho tonga hanao fanentanana rehefa misy ny fivoriambe.

Ny fangatahan’ireo Tompon’andraikitra mikarakara ny tanora mba hanome fiofanana azy ireo.

Toa izany koa ireo Filohan’ny Fikambanana toy ny FISA, ny Club des Jeunes pour la Paix

Fanentanana arahina ady hevitra natao tamin’ireo Clubs des Jeunes tamin’ny alalan’ny fandefasana horonan-tsary INENIKO tamin’ny Fankalazana ny andro Iraisam-pirenena amin’ny Ady amin’ny herisetra atao amin’ny vehivavy sy ny tovovavy , 25

FIOVANA

- Mitantarà tantaram-piainan’olona iray izay tena niova taorian’ny naha ivotoerana mendrika ny kaominina misy anao
- Mbola tao anatin’ny fianarana izy no bevohoka tamin’ny tovolahy iray .“ Nivady” nandritra ny dimy taona izy roa.Taty aoriana dia noroahina tao an-tokan-trano izy ka tsy nahazo n’inona n’inona afa tsy ny fitafiana teny an-kodiny ihany.Nanpahafantarina azy ny zony ka nahazo ny an-tsasak’ireo fananana noharian’izy roa izy.

Sarin’ilay olona

LESONA

- Inona ny lesona azo tsoahina nandritra ny fanatanterahana io tetikasa io?

-Afisy avy amin'ny Foibem-Paritra miadidy ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy-Matsiatra Ambony

Depliants avy amin'ny PMPM Ambatolahikosoa Fianarantsoa

Ny lesona azo tsoahina dia tsy misy afaka hilaza fa mahavita irery izany atao hoe asa fanentanana sy fanabeazana izany.

Ilaina ny fifanampiana sy fifanomezan-tanan' ny tsirairay amin'ny fanatanterahana ny asa fampandrosoana na ara- tsosialy izany, na ara-toekarena na ara-kolontsaina eny fa na arapolitika aza.

Ny lesona azo tsoahina ihany koa dia ilaina ny fahavononana sy ny fandavantena.
Ilaina ihany koa ny fanovana ny toe-tsaina " tsy mahavita zavatra raha tsy eo ny vola".

Amin'ny tanjona manaraka dia hitarina any amin'ny Fokontany hafa ny fiaraha-miasa.

Afisy avy amin'ny REV (Réseau pour l'Eradication de violence) eto Fianarantsoa

DINGANA MANARAKA

- Ahoana no mety anohizana io tetikasa nataonao io?
- Hamerina indray ny asa fanentanana ao amin’ny haino aman-jery misy eto an-toerana sy hanitatra ny asa any Fokontany vaovao.